

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Lazao Indray!

Tsy manana toerana ato amiko i Satana, tsy manana fahefana amiko, ary tsy misy trosa tsy voaloa azony iampangana ahy. Voavaha avokoa ny zava-drehetra tamin’ny alalan’ny ran’i Jesosy!



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

I Kristy ilay hany Mpamonjy tokana no sady Mpanafaka ihany koa . Jesosy irery ihany no afaka manapaka ny herin’ny fanandevozan’ny demonia eo amin’ny fiainan’ny olona sy manafaka azy ireo. Tiako ny hampahafantatra antsika amin'ilay Mpanafaka amin'ny fomba tahak’izany.

Ho antsika izay maniry fanafahana, dia mila mifandray mivantana, mifandray manokana amin'i Kristy isika. Ireto misy fepetra tsotra efatra tokony harahintsika:

> Mila azontsika antoka fa efa nibebaka isika. Izany hoe, fantaro fa efa niala tamin’ny ota rehetra isika.

Jesosy ihany no jereo, fa Izy irery ihany no Mpanafaka.

> Ataovy fototra fotsiny ny fitalahoantsika amin'izay nataon'i Jesosy ho antsika tamin'ny alalan’ny Fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana fa tsy amin'ny “asa tsara” ny amintsika manokana.

Matokia fa, avy amin’ny sitrapontsika, dia namela ny heloky ny olona rehetra izay nandona na nanao ratsy tamintsika isika.

Rehefa azoko ny fanafahana manokana avy amin'ny demony fahaketrahana, dia nahazo izao fampanantenana izao aho:

"Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia ho afa-mandositra" Joela 3:5)

Tadidiko ihany koa ireto tenin’i Jesosy ireto:

“Hamoaka demonia amin’ny anarako izy [ny mpianatra].” (Marka16:17)

Amin'ny anaran'i Jesosy, isika, koa, dia manana fahefana handroaka demonia.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Tompo, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa Izy irery ihany no Mpanafaka ahy, ary “Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia ho afa-mandositra”. Tsy manana toerana ato amiko i Satana, tsy manan-kery amiko, tsy misy fitakiana tsy voalamina manohitra ahy. Ny ran'i Jesosy dia efa nandamina ny rehetra!, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-051-MLG

Nohavaozina farany: 02 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

